



Efesiana 1:11 a: « ao Aminy koa no nanaovana antsika ho lovany »

Josoa 24:15 b: « fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay »

Tari-dalana ho an'ny dinidinika amin'ny vondron'olona kristiana
tarihin'ny mpitarika ny Fikambanam-Behivavy Loterana



Fianakaviana mirindra

Teny mialoha

Ny fianakaviana mirindra dia tsy ivelan'ny Soratra Masina, fa efa fikendren'Andriamanitra hatramin'ny voalohany.

Efa teo amin'ny tontolon'ny fahafenoan'ny filàna fototra vao noforonin'Andriamanitra ny olombelona mba hirindra sy hilamina ny fiainany (Gen. 1 sy 2).

Ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra sy ny fitoviana fijery Aminy no antoka mampiray ny mpivady (fo, saina, fijery, tanjona). Kristy Fitiavana no loharano mamelona ny fifankatiavana ao amin'ny mpivady. Ny fiainan'izy ireo amin'izany fitiavan'i Kristy izany no ahafahany mampita izany koa amin'ny taranaka.

Ny fanambadiana dia misy LAMINA napetrak'Andriamanitra mba hampirindra ny tokantrano. Rehefa tsy arahina io lamina io dia miteraka korontana ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina, ary ara-tsosialy, izay mamaritra ny fahasalamana amin'ny fahafenoany. Izany hoe ny fahasalamana dia ny firindran'ny mahaolona manontolo.

Toy izao izany LAMINA napetrak'Andriamanitra izany:

- Lahy sy vavy no namoronan'Andriamanitra ny olona (Gen. 1 : 27d)
- Lahy iray sy vavy iray no notsofin'Andriamanitra rano ho amin'ny fanambadiana (Gen. 2: 18 – 23; Efes. 5: 28 – 29). Tsy sitrapon'Andriamanitra araka izany ny tokantrano imaso izay tsy voatsodranon'ny fanjakana sy ny fiangonana, ny fijangajangana izay ananana vady maro, ny fanambadian'ny mitovy fananahana, ny fanambadiana ankoatra ny olombelona.
- Mandao ny ray aman-dreny, mikambana amin'ny vadiny, tonga nofo iray, izay vao manan-taranaka. Raha ny firaisana ara-nofo no mandeha alohan'ny fanambadiana, na tsy mandao ny ray sy reniny na koa tsy mahaleo tena fa mbola miankina amin'izy ireo ny mpivady dia mikorontana ny tokantrano (Gen. 1: 28, Gen. 2: 24).

Masina sy sarobidy ny fanambadiana araka an'Andriamanitra satria Izy no fototry ny firindran'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina, ary ny fiangonana sy ny firenena.

Rom. 11: 36

“Fa Izy no nihavian'izao zavatra rehetra izao, ary Izy no mihazona azy, sady Izy koa no antony; Izy anie no homem-boninahitra mandrakizay. Amena.”

Fisaorana

Misaotra an' Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina noho ny fotoana nomeny nahafahana nanao ny asa, ny fahasalamna ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy feno nomeny ny Mpandray anjara ka nahatontosana izao tahirin-kevitra sy tari-dalana izao. Izy no nanome antsika mpiara-miasa, eny hatrany ivelany aza, sy ohatra fakan-tahaka nahafahana naka modely, nanatsara ary nampifanaraka izao tahirin-kevitra sy tari-dalana izao amin'ny toe-java-misy eto Madagasikara sy ny fiteny Malagasy mba hananan'ny Kristiana “Fianakaviana Mirindra”.

Misaotra ireo Raiaman-dreny eo anivon'ny Foiben'ny Fiangonana Loterana Malagasy izay tarihin'ny Filohan'ny Fiangonana Loterana Malagasy noho ny faneken'izy ireo ny hamolavolana sy hampiasana izao tahirin-kevitra sy tari-dalana izao manerana ny Synodam-paritany rehetra ato amin'ny Fiangonana Loterana Malagasy.

Misaotra ireo Raiamandreny eo anivon'ny Sampan'Asa Loterana momba ny FAhasalamana (SALFA) izay tarihin'ny Tale Jeneralin'ny SALFA noho ny fiheverany mandrakariva izay hahaso ny vahoakan'Andriamanitra ka nikatsahany ny hahazoana famatsiana ho an'ny famolavolana izao tahirin-kevitra sy tari-dalana izao izay hampifandray ny sitrapon' Andriamanitra amin'ny tolotra ara-pahasalamana indrindra fa ny mahakasika ny fahasalaman'ny Reny sy ny zaza.

Misaotra ny Mpamatsy vola, Christian Connections for International Health (CCIH), izay tsy nisalasala nanolotra famatsiam-bola nentina namolavola izao tahirin-kevitra sy tari-dalana izao hahaso ny vahoaka Kristiana, hananany “Fianakaviana Mirindra”.

Misaotra ireo Raiaman-dreny rehetra eo anivon'ny Fikambanam-Behivavy Loterana nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka, namolavola izao tahirin-kevitra sy tari-dalana izao.

Andriamanitra manankarem-pahasoavana anie hitahy sy hitantana ireo ankohonana Kristiana rehetra ho mba tonga “Fianakaviana Mirindra” tokoa.

Ny Voninahitra dia ho an' Andriamanitra irery ihany.

Mpandray anjara

Avy amin'ny Fikambanam-Behivavy Loterana:

- Ramatoa SOARIMINO Georgette, Filoha lefitry ny Fikambanam-Behivavy Loterana
- Ramatoa RABAONIRINA Esther, Tonian'ny Fikambanam-Behivavy Loterana
- Ramatoa RAKOTOZAFY Tina, Mpanolo-tsain'ny Fikambanam-Behivavy Loterana
- Ramatoa RASOLONJANAHARY Voahangisoaranto Lalantsoa, Tale Sekoly Biblika SPANta
- Ramatoa RAFARAMALALA Ruffine, Talen'ny Ivotoerana LOterana ho FAmpivoarana ny Vehivavy
- Ramatoa RAMAROSANJY Lovanirina, Tonian'ny Fikambanam-Behivavy Loterana SPANta
- Ramatoa Voahirana RAZAFIMANANTSOA, Mpiandraikitra ny DIADEMA

Avy amin'ny Sampan'Asa Loterana momba ny FAhasalamana

- Dr RASOARIMANANA Sahondra, Tale Jeneralin'ny SALFA
- Dr RASAMIMANANA Nivo Nirina, Tale Teknikan'ny SALFA

Lohahevitra 1: Ny fifankatiavan'ny mpivady	5
Fandinihana ara-baiboly.....	6
Fanontaniana:	7
Tari-dalana	7
Lohahevitra 2: Lehilahy tonga ohatra	10
Fandinihana ara-baiboly.....	11
Fanontaniana	13
Tari-dalana	13
Lohahevitra 3 Vehivavy mendrika	15
Fandinihana ara-baiboly.....	16
Fanontaniana	17
Tari-dalana	17
Lohahevitra 4: Vohoka ieren-doza	19
Fandinihana ara-baiboly.....	20
Fanontaniana	21
Tari-dalana	21
Lohahevitra 5: Fiterahana ieren-doza	26
Fandinihana ara-baiboly.....	27
Fanontaniana	28
Tari-dalana	28
Lohahevitra 6: Ray aman-dreny mikolo taranaka	30
Fandinihana ara-baiboly.....	31
Fanontaniana	33
Tari-dalana	33
Lohahevitra 7: Fianakaviana iray, Tanjona iray, Fijery iray	36
Fandinihana ara-baiboly.....	37
Fanontaniana	35_
Tari-dalana	38

*Ity boky ity dia natao hampiasain'ny mpitarika FBL hitarihana dinidinika amin'ny vondron'olona eo anivon'ny Synodam-paritanin' ny Fiangonana Loterana Malagasy.

*Tsy azo amidy na atao « phtocopie » ity boky ity.

Ny fifankatiavan'ny mpivady

Fikendrena:

Ny tiana havoitra amin'ity lohahevitra ity: **Mpivady mahay mifankatia araka ny sitrapon'Andriamanitra mba hampirindra tsara ny fiainan'ny ankohonana.**

Tari-dalana

Mpanamora: mpitarika avy amin'ny Fikambanam-behivavy Loterana

Mpandray anjara: Mpivady efatra ka hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12). Tsara raha mpivady ao anatin'ny taon'ny fiterahana no mandray anjara amin'ny dinidinika

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny taratasy lehibe ho mora vakiana ho an'ny mpandray anjara
- ✓ Raisina amin'ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina mba ho hitan'ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra
- ✓ Atomboka amin'ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra, ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ny fiandrianan-tsain'ny mpandray anjara sy ny mpitarika, ny fifantohana, ary ny fahafahan'ny mpandray anjara haharitra hatramin'ny farany
- ✓ Fifankafantaran'ny mpandray anjara (atao miendrika kilalao)
- ✓ Fanolorana ny tanjon'ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana
- ✓ Fametrahana fitsipika hifampifehezana: manangan-tanana vao miteny, finday atao mangovitra, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin'ny fanehoan-kevitra, mifehy fotoana...
- ✓ Fotoana faharetan'ny dinidinika: 40min - 60min
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin'ny dinidinika:
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin'ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara
 - Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin'ny hevi-dehibe
 - Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin'ny hevi-dehibe
 - Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra

- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny (lehilahy sy vehivavy) hizara ny hafatra nanamarika azy nandrita ny dinidinika
- ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny fifankatiavan'ny mpivady mba hitoetra amin'ny fitiavana, ho ohatra hita maso ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana.

Fandinihana ara-baiboly

Efesiana 5: 22 – 33

22 Hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo.

23 Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no Lohan'ny fiangonana; ary lzy no mpamonjy ny tena.

24 Fa tahaka ny aneken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra.

25 Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy,

26 mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny;

27 mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentipentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy.

28 Dia tahaka izany koa, ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany.

29 Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i

Kristy amin'ny fiangonana;

30 fa momba ny tenany isika.

31 "Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hiray amin'ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany izy roroa".

32 Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho.

33 Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany hianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy.

Fanontaniana:

- 1- Inona no resahina ao amin'io andinin-tsoratra masina io?
- 2- Iza sy inona avy no voaresaka ao? (Tanisaina)
- 3- Araka izany, oharina amin'iza ny lehilahy, ary oharina amin'inona ny vehivavy?
- 4- Inona ny andraikitry ny lehilahy amin'ny vehivavy?
- 5- Inona ny andraikitry ny vehivavy amin'ny lehilahy?
- 6- Araka an'io andinin-tsoratra Masina io, inona ny fototra iorenan'ny fanambadiana?
- 7- Araka an'io andinin-tsoratra Masina io, inona no maha sarobidy ny fanambadiana?


Hevi-dehibe:

- 1-Miresaka momba ny fanambadiana kristiana na tokantrano kristiana. (Toro-lalana: Entina miverina amin'ny tena lohahevitra ny mpanatrika)
- 2-Ny voaresaka ao: ny lehilahy, ny vehivavy, ny fiangonana, Kristy, sy ny andraikiny avy. (Tsy tanisaina eto aloha ny andraikiny)
- 3-Oharina amin'i Kristy tia ny fiangonana ny lehilahy; ary ny vehivavy dia oharina amin'ny fiangonana manaiky an'i Kristy. (Hazavaina any amin'ny fanontaniana fahaefatra sy fahadimy ny hevitra fonosin'ireo fifandraisana ireo: Kristy sy ny lehilahy, ny vehivavy sy ny fiangonana)
- 4- Ny andraikitry ny lehilahy amin'ny vehivavy dia MITIA ny vadiny.
Mitia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana [Andininy 25]:
 - Fitiavana manolotra, tsy mitady tambiny, tsy misy fepetra, tsy misy fetra (tia na dia...) mba hahatonga ny vadiny ho amin'ny fahatsarana tanteraka amin'ny lafiny rehetra [Andininy 26 – 27].
 - Tsy misy tsara mihoatra io fanomezana avy amin'Andriamanitra io fa raha misy endrika fahatsarana irinao ho ao aminy dia ataovy aminy.
 - Tsy manao herisetra amin'ny endriny rehetra: ara-batana, ara-tsaina, ara-môraly, ara-bola, ara-panahy (terena hanompo tompo hafa).
- 5-Ny andraikitry ny vehivavy amin'ny lehilahy dia ny MANAIKY ny vadiny.

Tahaka ny aneken'ny fiangonana NY TOMPO (an'i Kristy) [Andininy 24]: manaiky ny fitiavan'ny vady, manoa ny vady, manaja ny vady (manaja azy amin'ny fiteny, amin'ny fitafy, amin'ny zavatra rehetra) [Andininy 22].

6- Ny fototra iorenan'ny fanambadiana : Fitiavan'i Kristy

- Ny fitiavan'i Kristy no modely fototra (raha Pastora no “cible” dia “*fototra*” no ampiasaina, fa raha “Couple” indray dia “*modely*”) ao amin'ny fanambadiana: mijery an'i Kristy fa tsy mifampijery, fa raha mifampijery ny mpivady dia ny lafiny miiba mandrakariva no ho hita ao amin'ny anankiray.



Arakaraka ny anakaikezana an'i Kristy no mampifandray kokoa ny mpivady

- Sary an'ohatra hafa: Ombin-tsaretin-dRaleva. Raleva dia oharina amin'i Kristy, ny saretin'omby dia ny tokantrano, ny ombin-tsarety roa dia ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny tokantrano manaiky baikoin'i Kristy no ho tafita amin'ny tanjona.

7- Ny maha- sarobidy ny fanambadiana : maneho ny fifandraisan'i Kristy sy ny fiangonana

“Ary tiako ho fantatrareo fa Kristy no lohan'ny lehilahy rehetra; ary ny lehilahy kosa no lohan'ny vehivavy; ary Andriamanitra no lohan'i Kristy” I Korintiana 11: 3

TRANGA MISY: Tsy kristiana ny iray amin'ny mpivady

I Petera 3: 1-7

1 Ary toy izany koa, hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo, mba ho voataonan'ny fitondrantenan'ny vavy izy, na dia tsy amin'ny teny aza (raha tãhiny misy tsy manaiky ny teny),

2 rehefa hitany ny fahadiovan'ny fitondrantenanareo amin'ny fahatahorana.

3 Ary aoka ny firavahanareo tsy ho zavatra eny ivelany, toy ny firandranam-bolo sy ny firavabolamena na ny fiakanjoana;

4 fa aoka ho toetra miafina ao am-po, izay tsy mety ho lo, dia ny fanahy malemy sady miadana, izay soa indrindra eo imason'Andriamanitra.

5 Fa tahaka izany no niravahan'ny vehivavy masina fahiny, izay nanantena an'Andriamanitra sady nanaiky ny vadiny;

6 dia tahaka an'i Saraha, izay nanaiky an'i Abrahama ka nanao azy hoe 'tompoko'; dia zanany hianareo, raha mba manao soa ka tsy matahotra izay fampitahorana na inona na inona.

7 Ary toy izany koa, hianareo lehilahy, miaraha -mitoetra aminy araka ny marina, manaja ny vavy, tahaka ny mety hatao amin'ny fanaka malemitemy kokoa sady mpiara-mandova ny fahasoavan'ny fiainana, mba tsy ho voasakana ny firavahanareo.

I Korintiana 7: 14

Fa ny lahy tsy mino dia efa masina ao amin'ny vavy ary ny vavy tsy mino dia efa masina ao amin'ny rahalahy; raha tsy izany kosa, dia tsy madio ny zanakareo; fa raha izany, dia masina izy.

Ny vehivavy:

Hanana fitondran-tena mendrika ivelany, ary fahatsarana anaty.

Ny lehilahy:

Mitoetra tsara amin'ny vavy, manaja sy mitia azy.

Lehilahy tonga ohatra

Fikendrena:

Ny fikendrena dia raim-pianakaviana “tonga ohatra” amin’ny fandraisany andraikitra feno amin’ny maha-lohan’ny fianakaviana azy ka tonga modely tsara amin’ny fahatahorana an’Andriamanitra amin’ny lafiny rehetra.

Tari-dalana

Mpanamora: mpitarika avy amin’ny Fikambanam-behivavy Loterana

Mpandray anjara: lehilahy feno 18 taona no miakatra, manambady na tsia (olona 8-12, ary ny antsasany amin’ireo manambady).

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin’Andriamanitra amin’ny taratasy lehibe ho mora vakina ho an’ny mpandray anjara.
- ✓ Raisina amin’ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina mba ho hitan’ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra.
- ✓ Atomboka amin’ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan’Andriamanitra, ny fitarihan’ny Fanahy Masina, ny fiandrianan-tsain’ny mpandray anjara sy ny mpitarika, ny fifantohana, ary ny fahafahan’ny mpandray anjara haharitra hatramin’ny farany
- ✓ Fifankafantaran’ny mpandray anjara (atao miendrika kilalao)
- ✓ Fanolorana ny tanjon’ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana
- ✓ Fametrahana fitsipika hifampifehezana: manangan-tanana vao miteny, finday atoa mangovitra, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin’ny fanehoan-kevitra, mifehy fotoana
- ✓ Fotoana faharetan’ny dinidinika: 40min - 60min
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin’ny dinidinika:
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin’ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara
 - Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin’ny fehin-kevitra ao amin’ny tari-dalana
 - Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin’ny fehin-kevitra ao amin’ny tari-dalana
 - Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra
- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny hizara ny hafatra nanamarika azy nandritry ny dinidinika

- ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny lehilahy rehetra mba ho tonga ohatra eo anivon'ny tokantrano sy ny fiarahamonina, ary ny fiangonana sy ny firenena.

Fandinihana ara-baiboly

Mpitsara 13: 2 – 25

2 Ary nisy lehilahy avy tany Zora amin'ny fokon'ny Danita, Manoa no anarany; ary momba ny vadiny ka tsy niteraka.

3 Ary ilay Anjelin'i Jehovah niseho tamin-dravehivavy ka nanao taminy hoe: Indro, momba hianao ka tsy niteraka; nefa hanan'anaka hianao ka hiteraka zazalahy.

4 Koa mitandrema hianao ankehitriny, ka aza misotro divay na toaka, ary aza mihinana akory izay zava-padina.

5 Fa, indro, hanan'anaka hianao ka hiteraka zazalahy; ary tsy mba hokasihin-kareza ny lohany; fa ho Nazirita ho an'Andriamanitra hatrany an-kibo ny zaza; ary izy no hanomboka hamonjy ny Isiraely amin'ny tanaan'ny Filistina.

6 Dia nandeha ravehivavy ka nilaza tamin'ny vadiny hoe: Nisy lehilahin'Andriamanitra tonga tamiko, ary nahatahotra indrindra ny fijery azy, tahaka ny fijery ilay Anjelin'Andriamanitra, ka tsy nanontany Azy izay nihaviany aho, ary tsy nambarany ahy ny anarany.

7 Fa hoy izy tamiko: Indro, hanan'anaka hianao ka hiteraka zazalahy; koa ankehitriny aza misotro divay na toaka hianao, ary aza mihinana akory izay zava-padina; fa ho Nazirita ho an'Andriamanitra ny zaza hatrany an-kibo ka mandra-pahafatiny.

8 Ary Manoa nangataka tamin'i Jehovah ka nanao hoe: Ry Tompo ô, aoka hankaty aminay indray ny lehilahin'Andriamanitra, ilay efa nirahinao, ka hampianatra anay ny hitondranay ny zaza izay ho teraka.

9 Ary Andriamanitra nihaino ny feon'i Manoa, ka dia nankany amin-dravehivavy indray Ilay Anjelin'Andriamanitra, raha tany an-tsaha izy; fa Manoa vadiny tsy teo aminy.

10 Dia nihazakazaka faingana ravehivavy ka nanambara tamin'ny vadiny hoe: Indro, niseho tamiko indray ny lehilahy izay tonga tamiko tamin'ilay indray andro.

11 Dia nitsangana Manoa ka nandeha nanaraka ny vadiny, dia nankany amin-dravehivavy ka nanao taminy hoe: Hianao moa ilay lehilahy niteny tamin-dravehivavy? Dia hoy Izy: Eny, Izaho no Izy.

12 Dia hoy Manoa: Raha tanteraka ilay teninao, ahoana ange no hitondranay ny zaza, ary inona no ho asany?

13 Ary hoy Ilay Anjelin'i Jehovah tamin'i Manoa: Izay rehetra efa nolazaiko tamin-dravehivavy dia aoka hotandremany avokoa.

14 Izay rehetra avy amin'ny voaloboka dia aza avela hohaniny, ary aza avela hisotro divay na toaka izy, na hihinana akory izay zava-padina; izay rehetra nandidiako azy dia aoka hotandremany avokoa.

15 Ary hoy Manoa tamin'Ilay Anjelin'i Jehovah: Aoka mba hotananay Hianao, mandra-pamboatray zanak'osy ho Anao.

16 Dia hoy Ilay Anjelin'i Jehovah tamin'i Manoa: Na dia tananao aza Aho, tsy mba hihinana amin'ny haninao Aho tsy akory; fa raha hanatitra fanatitra dorana hianao, dia aoka Jehovah no hanateranao izany. Fa tsy fantatr'i Manoa ho Anjelin'i Jehovah izy.

17 Dia hoy Manoa tamin'Ilay Anjelin'i Jehovah: Iza moa no anaranao, mba hanomezanay voninahitra Anao, rehefa tanteraka ny teninao?

18 Ary hoy Ilay Anjelin'i Jehovah taminy: Nahoana no manontany ny anarako hianao? fa anarana mahagaga izany.

19 Dia naka ny zanak'osy sy ny fanatitra hohanina Manoa ka nanatitra ireny teo ambonin'ny vatolampy ho an'i Jehovah; ary Ilay Anjely kosa nanao zava-mahagaga, raha mbola nijery teo Manoa mivady.

20 Ary raha niakatra ho amin'ny lanitra ny lelafo avy teo amin'ny alitara, dia niakatra teo anatin'ny lelafo avy teo amin'ny alitara Ilay Anjelin'i Jehovah. Ary nijery izany Manoa mivady, ka dia niankohoka tamin'ny tany.

21 Ary tsy niseho tamin'i Manoa sy ny vadiny intsony Ilay Anjelin'i Jehovah; dia fantatr'i Manoa fa Anjelin'i Jehovah Izy.

22 Ary hoy Manoa tamin'ny vadiny: Ho faty tokoa isika, satria efa nahita an'Andriamanitra.

23 Fa hoy ny vadiny taminy: Raha sitrak'i Jehovah ny hahafaty antsika, dia tsy ho nety nandray fanatitra dorana sy fanatitra hohanina tamin'ny tànantsika akory Izy, ary tsy ho nampahita antsika izany zavatra rehetra izany, ary tsy ho nampandre antsika izany zavatra izany ankehitriny.

24 Ary niteraka zazalahy ravehivavy, ka ny anarany nataony hoe Samsona; dia nitombo ny zaza, ary Jehovah nitahy azy.

25 Dia niantomboka nanindry azy indraindray ny Fanahin'i Jehovah tany Mahane-dana, teo anelanelan'i Zora sy Estaola.

Joba 1: 1 – 5

1 Nisy lehilahy tany amin'ny tany Oza, Joba no anarany; ary marina sy mahitsy izany lehilahy izany sady natahotra an'Andriamanitra ka nifady ny ratsy.

2 Ary niteraka fito lahy sy vavy telo izy.

3 Ary ny fananany dia ondry aman'osy fito arivo sy rameva telo arivo sy omby arivo sy borikivavy diman-jato ary mpanompo maro be; ka dia nanan-karena be mihoatra noho ny zanaky ny atsinanana rehetra izany lehilahy izany.

4 Ary fanaon'ny zanani-lahy ny nandeha sy nanao fanasana isaky ny an-androny avy isan-tranony; dia naniraka naka ny anabaviny telo mirahavavy izy hiara-mihinana sy misotro aminy.

5 Ary isaky ny tapitra nitsingerina ireo andro fanasana ireo, dia naniraka Joba ka nanamasina ireny, ary nifoha maraina koa izy ka nanatitra fanatitra dorana araka ny isan'izy rehetra; fa hoy Joba: Fandrao efa nanota ny zanako ka nandà an'Andriamanitra tao ampony. Izany no nataon'i Joba mandrakariva.

Fanontaniana

Araka ireo tantara ao amin'ny Soratra Masina ireo:

- 1- Iza avy ireo mpandray anjara fototra?
- 2- Lazao ny mombamomba ireo mpandray anjara fototra ireo
- 3- Tanisao ireo toetra tsara mahatonga ohatra an'i Manoa sy Joba

Hevi-dehibe

- 1- Ireo mpandray anjara fototra: Manoa sy ny vadiny, ny Anjelin'i Jehovah, Joba. (Tanisaina fotsiny)
- 2- Ny mombamomba ny mpandray anjara fototra:
 - Manoa:
Raim-pianakaviana, zanak'Israely avy ao amin'ny fokon'i Dana avy tany Zora
 - Vadin'i Manoa:
Tsy voalaza ny anarany, ary momba izy.
 - Anjelin'i Jehovah:
Iraka mpitondra hafatra: nilaza ny hiterahan'ny vadin'i Manoa izay momba
 - Joba:

Raim-pianakaviana, avy any Oza, manam-bady, manan-janaka folo (fito lahy, telo vavy), mpanankarem-be.

3- Ireo toetra tsara mahatonga ohatra an'i Manoa:

- Natahotra sady nankato an'Andriamanitra [Andininy 20] (tsy tahaka an'i Zakaria).
- Nitia sy nihaino ny vadiny ary nanaja sy natoky azy [Andininy 8] (Na tsy niteraka aza ny vadiny dia tiany sy nohajainy hatrany).
- Nandray andraikitra tamin'ny ankohonany: nangataka torohevitra tamin'Andriamanitra tanteraka tamin'izay fomba hitaizany sy hanabeazany ny zanany.
- Mandray andraikitra feno (impliqué) mandrakariva tamin'ny fiainam-pianakaviany izy [Andininy 8, 11-12] (Amin'ny tranga iainana ankehitriny dia vitsy ny raim-pianakaviana mahafantatra amin'ny antsipirihany ny zavatra iainan'ny ankohonany).

Ireo toetra tsara mahatonga ohatra an'i Joba:

- Marina sy mahitsy [Joba 1: 1]
- Natahotra an'Andriamanitra [Joba 1: 1]
- Nifady ny ratsy rehetra [Joba 1: 1]
- Mivavaka sy mifona mandrakariva ho an'ny zanany [Joba 1: 4, 5]
- Tsy nampidi-doza ny fianakaviany tamin'ny alalan'ny tsy fivadihany tamin'Andriamanitra [Joba 1: 22]
- Tena nijoro amin'ny maha -raim-pianakaviana azy: nananatra ny vadiny [Joba 2: 9-10]

Ny tanjona dia ny hitarihana ny raim-pianakaviana mba hanokana fotoana ho an'ny ankohonana (hiombom-bavaka, hiara-milalao, hihaino azy amin'ny olana, hiara-midinidinika, hananatra, tsy misorona amin'ny zavatra tsy mety)

Ohatra Pratika:

-Manokana fotoana « Zoma mamy/ hitan'ny maso sy ren'ny sofina » (fotoana atokan'ny ray aman-dreny hiarahana amin'ny zanany): fiaraha-misakafo, fihainoana ny zanaka mizara ny tsara sy ny ratsy, fiaraha-mivavaka, fiarahana manao lalao iombonana.

-Polipitram-pianakaviana: Dinika ara-tSoratra Masina tarihin'i dada anatin'ny tokantrano

Vehivavy mendrika

Fikendrena:

Ny fikendrena dia **vehivavy mendrika anaty sy ivelany izay mifototra amin'ny fahatahorana an'I Jehovah ka manome aina ho an'ny fianakaviany sy ny manodidina azy.**

Tari-dalana:

Mpanamora: mpitarika avy amin'ny Fikambanam-behivavy Loterana

Mpandray anjara: vehivavy feno 18 taona no miakatra, manambady na tsia (olona 8-12, ary ny atsasany amin'ireo manambady).

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny taratasy lehibe ho mora vakiana ho an'ny mpandray anjara.
- ✓ Raisina amin'ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina mba ho hitan'ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra.
- ✓ Atomboka amin'ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra,ny fitarihan'ny Fanahy Masina,ny fiandrianan-tsain'ny mpandray anjara sy ny mpitarika, ny fifantohana, ary ny fahafahan'ny mpandray anjara haharitra hatramin'ny farany
- ✓ Fifankafantaran'ny mpandray anjara (atao miendrika kilalao)
- ✓ Fanolorana ny tanjon'ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana
- ✓ Fametrahana fitsipika hifampifehezana: manangan-tanana vao miteny, finday atao mangovitra, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin'ny fanehoan-kevitra,mifehy fotoana
- ✓ Fotoana faharetan'ny dinidinika: 40min - 60min
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin'ny dinidinika:
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin'ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara
 - Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra
- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny hizara ny hafatra nanamarika azy nandritry ny dinidinika

- ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny vehivavy rehetra mba ho mendrika eo anivon'ny tokantrano sy ny fiarahamonina, ary ny fiangonana sy ny firenena.

Fandinihana ara-baiboly

Ohabolana 31: 10 – 31

10 Iza no mahita vehivavy tsara? Fa ny tombany dia mihoatra lavitra noho ny voahangy.

11 Matoky azy ny fon'ny lahy, ary tsy mitsahatra ny fanambinana azy.

12 Soa no ataon-dravehivavy aminy, fa tsy ratsy, amin'ny andro rehetra iainany.

13 Mizaha volon'ondry sy rongony izy ary mazoto miasa amin'ny tànany.

14 Toy ny sambon'ny mpandranto izy, ka avy any amin'ny lavitra no itondrany ny haniny.

15 Mifoha izy, raha mbola alina, ka manome hanina ho an'ny ankohonany sy anjara ho an'ny ankizivaviny.

16 Mihevitra saha izy ka mahazo azy; ny vokatry ny tànany no anaovany tanim-boaloboka.

17 Misikina hery izy, ary hatanjahiny ny sandriny.

18 Hitany fa tsara ny tombom-barony, ary tsy maty jiro mandritra ny alina izy.

19 Mandray ny fihazom-bohavoha izy, ary ny tànany mihazona ny ampela.

20 Manatsotra ny tànany amin'ny ory izy, eny, mamelatra ny tanany amin'ny mahantra.

21 Tsy manahy ny oram-panala ho amin'ny ankohonany izy, fa ny ankohonany rehetra samy voatafy volon'ondry mena avokoa.

22 Manao firakotra ho azy izy; ny fitafiany dia rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy.

23 Ny lahy dia hajaina eo am-bavahady, raha miara-mipetraka eo amin'ny loholona.

24 Manao akanjo hariry madinika ravehivavy ka mivarotra izany, ary fehin-kibo no amidiny amin'ny mpandranto.

25 Hery sy voninahitra no fitafiany, ary ny andro ho avy dia ihomehezany.

26 Manokatra ny vavany amin'ny fahendrena izy; ary ny lalàn'ny famindrampo no eo amin'ny lelany.

27 Mitandrana tsara ny ataon'ny ankohonany izy ary tsy homana ny mofon'ny fahalainana.

28 Ny zanany mitsangana ka midera azy hoe sambatra; ny lahy koa mitsangana ka midera azy hoe:

29 Maro no zazavavy nanao soa, fa hianao manaoatra noho izy rehetra.

30 Fitaka ny hatsaram-bika, ary zava-poana ny fahatsaran-tarehy; fa ny vehivavy matahotra an'i Jehovah ihany no hoderaina.

31 Omeo azy ny avy amin'ny vokatry ny tànany; Ary aoka ny asany hidera azy eo am-bavahady.

Fanontaniana

Arak'io andinin-tsoratra masina io:

- 1- Inona no resahina ao?
- 2- Iza avy no voaresaka ao? (Tanisaina)
- 3- Tanisao ireo toetra tsara mahamendrika ny vehivavy

Hevi-dehibe:

1- Miresaka mahakasika ny toetran'ny vehivavy tsara sady mendrika ao an-tokantrano. (Betsaka ny valinteny mety ho azo fa tsy tanisaina na velariny ny valim-panontaniana).

2-Ny voaresaka ao: ilay vehivavy sy ny ankohonany (vadiny, zanany) [Andininy 10, 23, 28, 29].

3-Ireo toetra tsara mahamendrika ny vehivavy:

- Andininy 10: Manana ny lanja maha izy azy (manaoatra noho ny vatosoa)
- Andininy 11: Vehivavy mahatoky (itokisan'ny vadiny izy)
- Andininy 12: Mikarakara tsara ny vadiny
- Andininy 13, 15, 27: Vehivavy mazoto sady misahirana ho an'ny ankohonany (tsy atody foana ny laoka)
- Andininy 14: Vehivavy mahay mihary
- Andininy 16: Manana vina sy mahatanteraka izany
- Andininy 17: Be herim-po, tsy miraviravy Tanana
- Andininy 18, 19, 24: Manana talenta sy mampiasa izany hoan'ny ankohonany, mahay mitantana fotoana, mifaly amin'ny fahombiazana, Manao asa tsara kalitao
- Andininy 20: Manao asa diakonaly
- Andininy 21, 22, 25: Mitsinjo ny vodiandro ho merika, tsy manahy ny hoavy sady manolotra ny tsara indrindra ho an'ny ankohonany

- Andininy 23: Manome voninahitra ny vadiny (raha misy lehilahy mahajoro dia tao ny vehivavy nanohana azy, misongadina sady miavaka eo anatrehan'ny hafa)
- Andininy 26: Mahafehy vava sady manao teny fahendrena, tsy vehivavy tia ady
- Andininy 28, 29: Vehivavy rehehan'ny ankohonany (faly ny ankohonany manana azy ka mahazo dera avy amin'ny ankohonany izy)

Ireo rehetra ireo dia maneho fa vehivavy tsy “fotsy varavarana” izy.

Fehiny [Andininy 30 - 31]

Raha fehezina dia ny fahatahorana an'i Jehovah no fototra mahamendrika ny vehivavy fa tsy ny fahatsaran-tarehy ivelany (Mahaliana ny vehivavy amin'izao vanim-potoana izao ny endrika ivelany ka ny zavatra hosoka na “faux” no ampiasainy, ohatra: aloha sy aoriana, ambony sy ambany, hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia).

Tsy volo mirandrana fotsiny fa toetra anaty mihitsy no mahamendrika ny vehivavy iray. IPet 3: 3-5

Matetika ny vehivavy rehefa tafiditra anatin'ny tokantrano dia tsy mahakarakara ny tenany intsony fa variana amin'ny fikarakarana ny tokantrano ihany.

Vohoka ieren-doza

Fikendrena:

Mpivady mandray andraikitra feno hahatonga ny fitondran'ny reny vohoka ieren-doza

Tari-dalana:

Mpanamora: mpitarika avy amin'ny Fikambanam-Behivavy Loterana

Mpandray anjara: Mpivady efatra ka hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12). Tsara raha Reny bevohoka miaraka amin'ny vadiny no manatrika ny dinidinika. Raha ilaina izany dia tsara raha manasa mpitsabo na mpiasan'ny fahasalamana misahana ny fahasalamana ara-pananahana afaka hanamafy ny torohevitra ara-pahasalamana ho an'ny mpanatrika.

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny taratasy lehibe ho mora vakina ho an'ny mpandray anjara.
- ✓ Misafidy ireo mpandray anjara ny mpitarika: mpivady efatra ka hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12).
- ✓ Raisina amin'ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina mba ho hitan'ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra.
- ✓ Atomboka amin'ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra, ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ny fiandrianan-tsain'ny mpandray anjara sy ny mpitarika, ny fifantohana, ary ny fahafahan'ny mpandray anjara haharitra hatramin'ny farany
- ✓ Fifankafantaran'ny mpandray anjara (atao miendrika kilalao)
- ✓ Fanolorana ny tanjon'ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana
- ✓ Fametrahana fitsipika hifampifehezana: manangan-tanana vao miteny, findayatao mangovitra, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin'ny fanehoan-kevitra, mifehy fotoana
- ✓ Fotoana faharetan'ny dinidinika: 40min - 60min
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin'ny dinidinika:
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin'ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara

- Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra
- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny (lehilahy sy vehivavy) hizara ny hafatra nanamarika azy nandritra ny dinidinika
- ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny mpivady rehetra mba handray andraikitra tandrify mandritra ny fotoana hitondrana vohoka. Mivavaka manokana ho an'ny vehivavy mba hitondra vohoka ieren-doza.

Fandinihana ara-baiboly

Mpitsara 13: 3 – 4 ; 12 – 14

3 Ary ilay Anjelin'i Jehovah niseho tamin-dravehivavy ka nanao taminy hoe: Indro, momba hianao ka tsy niteraka; nefa hanan'anaka hianao ka hiteraka zazalahy.

4 Koa mitandrema hianao ankehitriny, ka aza misotro divay na toaka, ary aza mihinana akory izay zava-padina.

12 Dia hoy Manoa: Raha tanteraka ilay teninao, ahoana ange no hitondranay ny zaza, ary inona no ho asany?

13 Ary hoy Ilay Anjelin'i Jehovah tamin'i Manoa: Izay rehetra efa nolazaiko tamin-dravehivavy dia aoka hotandremany avokoa.

14 Izay rehetra avy amin'ny voaloboka dia aza avela hohaniny, ary aza avela hisotro divay na toaka izy, na hihinana akory izay zava-padina; izay rehetra nandidiako azy dia aoka hotandremany avokoa.

Fanontaniana

Araka io tantara ao amin'ny Soratra Masina io:

- 1- Iza avy ireo mpandray anjara fototra?
- 2- Inona no hafatra nolazain'ilay anjelin'Andriamanitra tamin'I Manoa mivady?
- 3- Iza avy ireo tompon'andraikitra amin'ny vohoka ieren-doza?

Hevi-dehibe:

1-Ireo mpandray anjara fototra: Manoa sy ny vadiny, ny Anjelin'I Jehovah.

2-Ny hafatra nolazain'ily Anjelin'Andriamanitra dia ny hiterahan'izy mivady sy izay zavatra tsy maintsy ho tandremana mandritry ny fitondrana vohoka.

Marihina fa na avy amin'Andriamanitra aza ny zaza dia nametraka fepetra ho tandremana Izy mandritra ny fitondrana vohoka.

- Ankehitriny, misy fisafoana im-balo tokony hataon'ny vehivavy bevohoka amin'ny toeram-pitsaboana.

Ireo fisafoana tokony ataon'ny vehivavy mitondra vohoka :

Fisafoana	Volana
Fisafoana voalohany na CPN 1	Vohoka volana faharoa (2ème mois) na fahatelo (3ème mois)
Fisafoana faharoa na CPN 2	Eo anelanelan'ny volana fahaefatra (4ème mois) sy fahaenina sy tapany (6 mois et demi)
Fisafoana fahatelo na CPN 3	
Fisafoana fahaefatra na CPN 4	Eo anelanelan'ny volana fahafito (7ème mois) sy fahavalo sy tapany (8 mois et demi)
Fisafoana fahadimy na CPN 5	
Fisafoana fahaenina na CPN 6	Manomboka eo amin'ny volana fahasivy (à partir du 9ème mois), arakaraky ny "rendez-vous" omen'ny matihanina ara-pahasalamana
Fisafoana fahafito na CPN 7	
Fisafoana fahavalo na CPN 8	
Natao ireo mba hijerena mialoha ny mety ho tranga atahorana ho an'ny reny sy ny zaza, ary mba hisorohana ny fahasaratana rehetra	

- Tsara ho fantatra ihany koa ny fambara loza mandritra ny fitondrana vohoka : Tanisaina ireo fambara loza.

Fambara loza	Aretina	Ny atahorana
Marary an-doha , indrindra raha ny ao amin'ny faritry ny hatoka	Miakatra tosi-drà	Kely ny zaza ao an-kibo, tsy mitombo ny zaza ao an-kibo
Fanina		
Manjelanjelatra ny zavatra hita, maniry kintana		
Maneno ny sofina		
Torana	Fahasarotana avy amin'ny fiakaran'ny tosi-drà amin'ny vehivavy bevohoka	Fahafatesan'ny reny sy ny zaza
Tsy mahatsiaro tena tsara , mirediredy		
Mivonto ny tongotra sy tarehy		
Sempotra		
Fambara loza	Aretina	Ny atahorana
Mifanintona	Fahasarotana avy amin'ny fiakaran'ny	Fahafatesan'ny reny sy ny zaza

	tosi-drà amin'ny vehivavy bevohoka	
Mihetsi-jaza alohan'ny fotoana	Manambana ho afa- jaza na teraka tsy tonga volana	Fahafatesan'ny reny sy ny zaza
Mandeha rà/fotoana nefa bevohoka		
Mandeha rano alohan'ny fotoana		
Hatsatra		
Manavy	Fidiran'ny otrik'aretina anaty rà	Fahafatesan'ny zaza na aretina atahorana hahafaty ny zaza avy amin'ny fidiran'ny otrik'aretina anaty rà

(Ny mpitarika FBL no manao ny anjara asan'ny mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiaraha-monina).

3-Ireo tompon'andraikitra: Andriamanitra, ny raim-pianakaviana, ny renim-pianakaviana.

- Andriamanitra dia tompon'andraikitra satria:

Izy nanome ny zaza, sady koa nanome ny fepetra rehetra tokony hotandremana.

- Ny raim-pianakaviana:

Nangataka tamin'i Jehovah ny amin'izay tokony hatao mandritra ny fitondrana vohoka.

Tsy namela irery ny andraikitra tamin'ny vadiny.

Azo antoka fa nanara-maso hatramin'ny farany ny fepetra rehetra napetrak'Andriamanitra mba hahatomombana ny fitondrana vohoka.

-Nanome fitoniana-tsaina ny vadiny hiatrehana ny fitondrana vohoka (Amin'izao vaninandro iainantsika izao dia maro ny lehilahy izay tsy miara-miombona amin'ny vadiny mitondra vohoka ka mitarika herisetra amin'ny lafiny maro isan-karazany). Raha ny ara-pahasalamana anefa no jerena dia tsy ahina ho miteraka fiterahana alohan'ny fotoana na aretina ho an'ny zaza ny firaisana ara-nofon'ny mpivady mandritry ny fitondrana vohoka raha toa ka mizotra tsara ny vohoka. Hita fa ilain'ny mpivady tokoa ny fiombonana mandritry ny fitondrana vohoka satria mampifandray am-po ny mpivady izany. Misy fepetra maro tsara fantarina anefa mahakasika io firaisan'ny mpivady mandritry ny fitondrana vohoka io. Torohevitra omen'ny mpiasan'ny fahasalamana tandrify hahatonga ny fiombonan'ny mpivady anatin'ny vohoka ieren-doza toy ny hoe:

-fiarovana amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofon,

-toe-javatra mandrara izany firaisana mandritry ny vohoka izany (mandeha rà, mandeha rano, miloloha ahitra,...).

Izany rehetra izany miampy ny torohevitra rehetra tandrify dia omen'ny mpiasan'ny fahasalamana rehefa manatona misafo eny amin'ny tobim-pitsaboana ny mpivady.

“(Zaza nirina, zaza voarindra, dia mahatonga vohoka ieren-doza)”

Ny vadin'i Manoa:

-Namela ny vadiny handray andraikitra tamin'ny fitondrana vohoka (Andininy 6, 7, 10)

-Azo antoka fa nitandrana izay fepetra rehetra napetrak'Andriamanitra hotandremana izy (Tsy nanao an-tsirambina ny fitondrana vohoka).

-Fahavononana hitondra vohoka

-Mila liana amin'ny vohoka ny mpivady. Araka ny voalaza ao amin'ny andininy 12: “*Dia hoy Manoa: Raha tanteraka ilay teninao, ahoana anje no hitondranay ny zaza, ary inona no ho asany?*”

Fiterahana ieren-doza

Fikendrena:

Ny fikendrena dia ny **hahatonga ny fiterahana ieren-doza amin'ny alalan'ny fanatonana tobi-pahasalamana sy tompon'andraikitra voaofana mahakasika izany.**

Tari-dalana:

Mpanamora: mpitarika avy amin'ny Fikambanam-behivavy Loterana

Mpandray anjara: Mpivady efatra hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12). Tsara raha Reny bevohoka miaraka amin'ny vadiny no manatrika ny dinidinika. Raha ilaina izany dia tsara raha manasa mpitsabo na mpiasan'ny fahasalamana misahana ny fahasalamana ara-pananahana afaka hanamafy ny torohevitra ara-pahasalamana ho an'ny mpanatrika.

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny taratasy lehibe ho mora vakina ho an'ny mpandray anjara.
- ✓ Misafidy ireo mpandray anjara ny mpitarika: mpivady efatra ka hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12).
- ✓ Raisina amin'ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina mba ho hitan'ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra.
- ✓ Atomboka amin'ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra, ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ny fiandrianan-tsain'ny mpandray anjara sy ny mpitarika, ny fifantohana, ary ny fahafahan'ny mpandray anjara haharitra hatramin'ny farany.
- ✓ Fifankafantaran'ny mpandray anjara (atao endrika kilalao).
- ✓ Fanolorana ny tanjon'ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana
- ✓ Fametrahana fitsipika hifampifehezana: manangan-tanana vao miteny, finday atao mangovitra, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin'ny fanehoan-kevitra, mifehy fotoana
- ✓ Fotoana faharetan'ny dinidinika: 40min - 60min.
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy.
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika.
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin'ny dinidinika.
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin'ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara
 - Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana

- Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra
- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny (lehilahy sy vehivavy) hizara ny hafatra nanamarika azy nandritra ny dinidinika
 - ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny mpivady rehetra mba handray andraikitra tandrify mialoha, mandritra ary aorian'ny fiterahana. Mivavaka manokana ho an'ny vehivavy mba hieren-doza ny fiterahana.

Fandinihana ara-baiboly

Salamo 71:6

6 Hianao no nanankinana ahy hatrany am-bohoka; hianao namoaka ahy avy tany an-kibon-dreniko; hianao no deraiko mandrakariva.

Eksodosy 1: 15 – 17

15 Ary ny mpanjakan'i Egipta niteny tamin'ny mpampivelona Hebreo (Sifra no anaran'ny anankiray, ary Poa no anaran'ny anankiray)

16 ka nanao hoe: Raha mpampivelona ny vehivavy Hebreo hianareo, ka hitanareo eo amin'ny fipetrahany fa zazalahy, dia vonoy, fa raha zazavavy kosa, dia velomy.

17 Nefa natahotra an'Andriamanitra ny mpampivelona ka tsy nanao araka izay nolazain'ny mpanjakan'i Egipta taminy, fa novelominy ihany ny zazalahy.

Genesisy 38: 28 – 30

28 Ary raha niteraka izy, dia niseho ny tãnan'ny anankiray, ary naka kofehy mena ny mpampivelona, ka nafehiny tamin'ny tãnany, sady hoy izy: Ity no niseho voalohany.

29 Ary rehefa nahemony ny tãnany, dia, indro, teraka ny rahalahiny; ary hoy ny mpampivelona: Ahoana no nibosesehanao? dia nataony hoe Fareza no anarany.

30 Ary rehefa afaka izany, dia teraka koa ny rahalahiny, izay nisy ilay kofehy mena tamin'ny tãnany; dia nataony hoe Zera no anarany.

Hevi-dehibe

1-Ny hevitra iombonana asehon'ireo andinin-tsoratra Masina ireo dia ny.....;(jereo ny *fitanana an-tsoratra*)

2-Ireo voaresaka:

Salamo 71: 6

-Jehovah sy ny mpanao salamo

Eksodosy 1: 15 – 17

Sifra sy Poa

-Vehivavy Hebreo

Genesisy 38:28-30

-Tamara

-Mpampivelona

-Fareza sy Zera

3- Ny anjara asan'ireo

Salamo 71: 6

- Jehovah: niantoka azy hatrany am-bohoka sy namoaka aztavy tao am-bohoka.

- Ny mpanao Salamo: midera sy mankasitraka an'i Jehovah noho ny fiantohany azy sy ny famoahany azyavy ao am-bohoka

Fanontaniana

- 1- Maneho hevitra iombonana ireo andinin-tSoratra Masina ireo. Inona izany?
- 2- Iza avy ireo voaresaka ao?
- 3- Inona avy ny anjara asan'ireo voatanisa ireo?
- 4- Araka ireo andinin-tSoratra Masina ireo, inona no atao mba hahatonga ny fiterahana ieren-doza?

Hevi-dehibe

- 1- Ireo voaresaka:
Salamo 71:6: Jehovah sy ny mpanao Salamo
-Mpanjakan'ny Egypta

Eksodosy 1: 15 – 17

Sifra sy Poa
-Vehivavy Hebreo

- Genesisy 38: 28 – 30

-Tamara
-Mpampivelona
-Fareza sy Zera

- 2- Ny anjara asan'ireo:

Salamo 71:6

-Jehovah: niantoka azy hatrany am-bohoka sy namoaka azy avy ao am-bohoka
-Ny mpanao Salamo: midera sy mankasitraka an'I Jehovah noho ny fiantohany azy sy ny famoahany azy avy ao am-bohoka.

Eksodosy 1: 15 – 17

-Mpanjakan'ny Egypta: namoaka didy tamin'ny mpampivelona hamono ny zazalahy Hebreo vao teraka.
-Sifra sy Poa: mpampivelona, nasaina hamono ny zazalahy vao teraka, kanefa tsy nanatanteraka izany noho ny fahatahorany an'Andriamanitra.
-Vehivavy Hebreo: miteraka

Genesisy 38: 28 – 30

-Tamara: renim-pianakaviana tsy manam-bady
-Mpampivelona: nampiteraka sy nanampy tamin'ny famoahana ny zaza

Ampoizina fa mety ho nisy aina nafoy teo raha tsy nisy ny mpampivelona.

Ankehitriny, ny mpampivelona dia ireo olona izay voaofana manokana momba ny fiterahana (Rasazy, Dokotera any amin'ny tobim-pahasalamàna).

4- Araka ireo andinin-tSoratra Masina ireo, ny atao mba hahatonga ny fiterahana ieren-doza dia:

- Miankina amin'Andriamanitra (Salamo 71: 6)

Manatona mpampivelona. Raha amin'izao andro ankehitriny izao dia ny mpiasan'ny fahasalamana tandrify voaofana momba ny fiterahana no mandray ny toeran'ny mpampivelona... Ireo no manoro hevitra momba ny fiterahana ieren-doza:

- fisorohana ny fitondrana vohoka aloha loatra, izay anisan'ny mahatonga ny fahasimbana vokatry ny fahasarotam-piterahana: aretina “mamany lava” (Fistule Obstétricale). **Genesisy 38: 28 – 30**

-fanaraha-maso ny renny sy ny zaza avy hatrany aorian'ny fiterahana: ny fahasalaman'ny renny sy ny zaza, ny mety ho tsy fahatomombanana mila fandraisana an-tanana maika, ny fampinonoana araka ny tokony ho izy, ny fiatehan'ny renny ny fiovan'ny vatany sy ny fitaizana ny zaza vao teraka

-fanelanelanana ny vohoka 2 na telo taona farafahakeliny mba hahafahan'ny renny manome nono ny zanany mandritra izay taona izay sady hahafahan'ny renny miverina feno amin'ny tanjany ara-batana, ara-moraly sy ara-pihetseham-po

-fampiarahana ny MAMA (Manabe Aizana ny Mampinono Anaka): fomba fandrindrana fiterahana izay miompana amin'ny fampinonoana. Mandrindra fiterahana ao anatin'ny enim-bolana raha voahaja tsara ny fepetra ary mampifanakaiky ny renny sy ny zaza sy miantoka ny fitomboana sy ny fahasalamana feno ho an'ny zaza vao teraka ny fampinonoana. Ireto no fepetra mila ho fenoina mba handaitra tsara ny MAMA:

.Tsy mbola niverina ny fadimbolan'ny renny

.Nono irery ihany no sakafon'ny zaza ary minono maraina, atoandro, hariva, alina ny zaza

.Latsaky ny enim-bolana ny zaza.

-Fizotry ny fiverenan'ny tenan'ny vehivavy amin'ny laoniny aorian'ny fiterahana. Antsoina hoe “quarantaine” na amin'ny fiteny mahazatra antsika hoe “mifana” izany fe fotoana izany ary raha araka ny lahatsoratra dia maharitra 05 na 06 herinandro izany. Tsy ny vatan'ny vehivavy ihany, izay niova tokoa tao anatin'ny 40 herinandro eo ho eo nitondrana vohoka, no miverina amin'ny laoniny ao anatin'izany fotoana izany fa fotoana hampaherezana azy ara-tsaina, ara-moraly ary ara-pihetseham-po ihany koa ny “mifana”.

Ray aman-dreny mikolo taranaka

Fikendrena:

Ny fikendrena dia ny **hahatonga ny ray aman-dreny handray andraikitra amin'ny fikoloana ny taranany amin'ny lafiny rehetra manomboka hatrany am-bohoka.**

Tari-dalana:

Mpanamora: mpitarika avy amin'ny Fikambanam-behivavy Loterana

Mpandray anjara: Mpivady efatra ka hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12). Entanina ireo kely anaka hanatrika ny dinidinika. Raha ilaina izany dia tsara raha manasa mpitsabo na mpiasan'ny fahasalamana misahana ny fahasalamana ara-pananahana afaka hanamafy ny torohevitra ara-pahasalamana ho an'ny mpanatrika.

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny taratasy lehibe ho mora vakina ho an'ny mpandray anjara.
- ✓ Raisina amin'ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina mba ho hitan'ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra.
- ✓ Atomboka amin'ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra, ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ny fiandrianan-tsain'ny mpandray anjara sy ny mpitarika, ny fifantohana, ary ny fahafahan'ny mpandray anjara haharitra hatramin'ny farany
- ✓ Fifankafantaran'ny mpandray anjara (atao miendrika kilalao)
- ✓ Fanolorana ny tanjon'ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana
- ✓ Fametrahana fitsipika hifampifehezana: mananga-tanana vao miteny, finday mangovitra, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin'ny fanehoan-kevitra, mifehy fotoana
- ✓ Fotoana faharetan'ny dinidinika: 40min - 60min
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin'ny dinidinika:
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin'ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara
 - Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana

- Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra
- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny (lehilahy sy vehivavy) hizara ny hafatra nanamarika azy nandritra ny dinidinika
- ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny ray aman-dreny rehetra mba hahay hikolo sy hitaiza ary hanabe ny taranany araka ny sitrapon'Andriamanitra. Mivavaka manokana ho an'ireo taranaka mba handray sy hiaina ny fitaizana ataon'ny ray aman-dreny aminy.

Fandinihana ara-baiboly

Genesisy 6: 9-18

9 Ary izao no tantaran'i Noa: Noa dia lehilahy marina sady tsy nisy tsiny teo amin'ny olona niara-belona taminy; eny, niara-nandeha tamin'Andriamanitra Noa.

10 Ary Noa niteraka zanaka telo mirahalaha, dia Sema sy Hama ary Jafeta.

11 Ary simba ny tany teo anatrehan'Andriamanitra sady heni-doza;

12 dia hitan'Andriamanitra ny tany, ka, indro, efa simba izy; fa ny nofo rehetra samy efa nanimba ny lalany avy tambonin'ny tany.

13 Dia hoy Andriamanitra tamin'i Noa: Ny faran'ny nofo rehetra efa mby eto anatrehako, satria efa heni-doza ny tany noho ny amin'ny olona, ka, indro, efa handringana azy mbamin'ny tany Aho.

14 Koa, manaova sambo-fiara ho anao amin'ny hazo gofera; ary hasianao efitrefitra ny sambo-fiara, ka hopetahanao dity ao anatin'ny sy eo ivelany izy.

15 Ary toy izao no hanaovanao azy: hakiho telon-jato ny lavan'ny sambo-fiara, hakiho dimam-polo ny sakany, ary hakiho telo-polo ny hahavony.

16 Ary hasianao fidiran'ny mazava ny sambo-fiara, ary amin'ny hakiho iray no hahavitanao azy hatreo ambony; ary hasianao varavarana ny rindrin'ny sambo-fiara; hataonao efitra telo mifanongoa izy.

17 Ary, indro, Izaho efa hahatonga ny safo-drano ambonin'ny tany handringana ny nofo rehetra izay manam-pofonaina ambanin'ny lanitra; dia ho faty izay rehetra eo amin'ny tany.

18 Nefa kosa haoriko ny fanekeko aminao; ary hiditra ao anatin'ny sambo-fiara hianao sy ny vadinao aman-janakao mbamin'ny vinantonao vavy miaraka aminao.

Josoa 24: 1-15

1 Ary Josoa nanangona ny firenen'ny Isiraely rehetra tany Sekema ka niantso ny loholon'ny Isiraely sy ny lehibeny sy ny mpitsara azy ary ny mpifehy azy, ka dia niara-niseho teo anatrehan'Andriamanitra izy ireo.

2 Ary hoy Josoa tamin'ny vahoaka rehetra: Izao no lazain'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Tany an-dafin'ny Ony* no nonenan'ny razanareo tany aloha. dia Tera, rain'i Abrahama sy Nahora; ary nanompo andriamani-kafa izy. [Eofrata]

3 Dia naka an'i Abrahama razanareo avy tany an-dafin'ny Ony* Aho ka nitondra azy nitety ny tany Kanana rehetra, dia nahamaro ny taranany ka nanome an'Isaka ho zanany. [Eofrata]

4 Ary Isaka koa dia nomeko an'i Jakoba sy Esao ho zanany; ary nomeko ho lovan'i Esao ny tendrombohitra Seira; fa Jakoba sy ny taranany kosa nankany Egypta.

5 Dia naniraka an'i Mosesy sy Arona Aho ka namely an'i Egypta, araka izay nataoko teo aminy; ary rehefa afaka izany, dia nitondra anareo nivoaka Aho.

6 Ary nony nitondra ny razanareo nivoaka avy tany Egypta Aho, dia tonga teo amin'ny ranomasina ianareo; ary nanenjika ny razanareo hatreo amin'ny Ranomasina Mena ny Egyptiana, nitaingina kalesy sy soavaly.

7 Dia nitaraina tamin'i Jehovah izy, ka nasiany maizina teo anelanelanareo sy ny Egyptiana, sady nakatony taminy ny ranomasina ka nasarony azy, ary ny masonareo nahita izay nataoko tany Egypta; ary nitoetra ela tany an-efitra ianareo.

8 Ary nentiko ho any amin'ny tanin'ny Amorita, izay nonina tany an-dafin'i Jordana ianareo; dia niady taminareo ireo; ary nanolotra azy teo an-tananareo Aho, mba handovanareo ny taniny, ary nandringana azy teo anoloanareo Aho.

9 Dia nitsangana Balaka, zanak'i Zipora, mpanjakan'i Moaba, ka niady tamin'ny Isiraely; dia naniraka ka nampaka an'i Balama, zanak'i Beora, izy hanozona anareo.

10 Fa tsy nety nihaino an'i Balama Aho, koa nitahy anareo tokoa izy; ka dia namonjy anareo tamin'ny tànany Aho.

11 Ary nita an'i Jordana hianareo ka nankany Jeriko; dia niady taminareo ny mponina tao Jeriko mbamin'ny Amorita sy ny Perizita sy ny Kananita sy ny Hetita sy ny Girgasita sy ny Hivita ary ny Jebosita, ka natolotro teo an-tananareo ireny.

12 Dia nampandehaniko teo anoloanareo ny fanenitra, izay nandroaka azy teo anoloanareo, dia ny mpanjaka roa tamin'ny Amorita, fa tsy tamin'ny sabatrao. na tamin'ny tsipikanao.

13 Ary nomeko tany izay tsy nasainareo hianareo sy tanàna izay tsy naorinareo hianareo ka dia nonina tao ianareo; ary nihinana ny avy amin'ny tanimboaloboka sy ny tanin'oliva izay tsy nataonareo hianareo.

14 Koa ankehitriny, matahora an'i Jehovah, ka manompoa Azy amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana; ary ario ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony* sy tany Egypta, ka manompoa an'i Jehovah. [Eofrata]

15 Nefa raha tsy sitrakareo ny hanompo an'i Jehovah, dia fidionareo anio ary izay hotompoinareo. na ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony,1 na ny andriamanitry ny Amorita, izay

mponina teto amin'ny tany onenanareo; fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay.

Fanontaniana

Araka ireo andinin-tSoratra Masina ireo:

- 1- Inona no hevitra iraisany?
- 2- Iza avy ireo tompon'andraikitra voalaza ao?
- 3- Inona avy ireo endrika fikoloana hita ao?

Hevi-dehibe

- 1- Izay ambaran'ny Soratra Masina momba ny fanabeazana sy ny fitaizan'ny Ray aman-dreny ny ankohonany araka ny sitrapon'Andriamanitra
- 2- Ireo tompon'andraikitra voalaza ao:

Genesisy 6: 9-18:

-Andriamanitra,

-Noa sy ny ankohonany

Josoa 24: 1-15:

-Jehovah Andriamanitra,

-Josoa sy ny vahoakan'ny Israely

3-Ireo endrika fikoloana hita ao:

Genesisy 6: 9_18

Namonjy ny ankohonany Noa:

- Nankato an'Andriamanitra
- Nampita ny hafatr'Andriamanitra tamin'ny ankohonany
- Nandresy lahatra ny ankohonany hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra na dia tsy nitombina aza izany teo anatrehan'ny fiarahamonina
- Nanala ny ankohonany tao anatin'ny tontolon'ny faharatsiana izy

Nanavotra ny ankohonany tsy ho azon'ny fahafatesana.

Raha amin'ny lafiny fahasalamana amin'izao fotoana izao dia tsy miandry aretina vao hitsabo fa misoroka izany amin'ny alalan'ny vaksiny (reny sy ny zaza). Ny vaksiny dia fomba fitsaboana izay manomana ny vatana hanamafy ny hery fiarovana entiny miady amin'ny aretina. Samy manana ny fotoana tandrify azy avy ny fampidirana ny vaksiny amin'ny olona iray. Misy ny

vaksiny fanao ivelan'ny vohoka, misy ireo tsara atao mandritra ny vohoka ary misy ireo tokony hotohizina aorian'ny fiterahana. Ny fahafahan'ny Reny misitraka ny vaksiny ara-potoana dia fiarovana feno sy antoka ho an'ny fahasalamany sy ny zanany.

Ireto avy ireo vaksiny izay tsy maintsy ataon'ny reny sy ny zanaka mandritra ny vohoka sy aorian'ny fiterahana:

Reny: “Vaksiny Tetanosy” (VAT), Zaza: “Tetiandrom-baksiny” (BCG, Polio, Rotarix, DTCHePib, PCV10, VAR).

Ampirisihana ny reny hanao fizaham-pasalamana ho fisorohana ny aretina maro samy hafa.

Fotoana tokony hanaovana azy			Vaksiny	
Vao teraka			Vaksiny 1	
6 herinandro aorian'ilay vaksiny teo aloha			Vaksiny 2	
4 herinandro aorian'ilay vaksiny teo aloha			Vaksiny 3	
4 herinandro aorian'ilay vaksiny teo aloha			Vaksiny 4	
	9 volana		Vaksiny 5	
18 volana			Vaksiny 6	

⇒ Marihina fa misy karazany maro ny vaksiny. Misy ny atao amin'ny sandry, misy ny atao amin'ny fe ary ao ny atete amin'ny vava.

Nitondra ny ankohonany ho amin'ny fiainam-baovao (Cf Deutoronomia 6: 7): Mampianatra ny ankohonana amin'ny fotoana rehetra sy amin'izay atao rehetra: ny manana no afaka manolotra, ny mahalala no afaka mizara

⇒ Mila mamantatra ny tontolon'ny ankohonana sy ny tontolo manodidina azy (fanatontoloana, fiainana ara-tsosialy, fahasalamana)

Josoa 24: 1-15:

- Josoa nametraka tamin'ny ankohonany ny hanompo an'iJehovah.
- Mijoro amin'ny maha- lohan'ny fianakaviana azy Josoa.
- Nanana andraikitra lehibe tamin'ny fitarihana ny zanak'Israely Josoa nefa nataony ho loha-laharana sy modely ny ankohonany..
- Nahafehy ny fitarihana ny ankohonany sy ny zanak'Israely Josoa

Ohabolana 22:6

- Mitoetra ho modely eo anatrehan'ny zanaka
- Mampianatra sy mitarika ary manazatra ny zanaka amin'ny teny, amin'ny fitondrantena, amin'ny asa

Deutoronomia 6: 7

- Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao hianao, na mandeha any an-dàlana, na mandry, na mifoha;

Fehiny:

- ⇒ Mahatonga fahasalamana amin'ny lafiny rehetra ireo fikoloana rehetra ireo
- ⇒ Ny fitenenana sy ny fitaizana dia mitondra fahasalamana ara-batana, ara-tsaina, ara-panahin'ny

zanaka

Fotoana	Vaksiny
Fisafoana voalohany	Vaksiny 1 na VAT 1
Iray volana aorian'ny VAT 1	Famerenana 1 (Rappel) na VAT 2
Enimbolana aorian'ny VAT 2	Famerenana 2 na VAT 3
Herintaona aorian'ny VAT 3	Famerenana 3 na VAT 4
Herintaona aorian'ny VAT 4	Famerenana 4 na VAT 5

- ⇒ Raha vao misy tsy tomombana ny fahasalaman'ny iray amin'ny ankohonana dia marary avokoa izy rehetra (amin'ny endriny rehetra).
- ⇒ Manana anjara toerana ny tolotra ara-pahasalamana ahatonga ny rayamandreny ho mikolo taranaka.

Fikendrena:

Ny fikendrena dia ny **hananan'ny fianakaviana firaisam-po sy firaisan-tsaina ka ho iray fijery sy iray tanjona amin'ny tranga rehetra mba hampirindra ny fiainam-pianakaviana.**

Tari-dalana:

Mpanamora: mpitarika avy amin'ny Fikambanam-behivavy Loterana

Mpandray anjara: Mpivady efatra ka hatramin'ny enina farafahabeny (olona 8-12). Tsara raha mpivady anatin'ny taonan'ny fiterahana no mandray anjara amin'ny dinidinika. Raha ilaina izany dia tsara raha manasa mpitsabo na mpiasan'ny fahasalamana misahana ny fahasalamana ara-pananahana afaka hanamafy ny torohevitra ara-pahasalamana ho an'ny mpanatrika.

- ✓ Manoratra mialoha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny taratasy lehibe ho mora vakiana ho an'ny mpandray anjara.
- ✓ Raisina amin'ny toerana tandrify azy ny mpandray anjara. Ezahina ho hitan'ny mpitarika maso avokoa ny mpandray anjara rehetra.
- ✓ Atomboka amin'ny vavaka ny fotoana: mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra, ny fitarihan'ny Fanahy Masina,ny fiandrianan-tsain'ny mpandray anjara sy ny mpitarika,ny fifantohana, ary ny fahafahan'ny mpandray anjara haharitra hatramin'ny farany.
- ✓ Fifankafantaran'ny mpandray anjara (atao endrika kilalao).
- ✓ Fanolorana ny tanjon'ny dinidinika sy ny fizotry ny fandaharam-potoana.
- ✓ Fametrahana fenitra hifampifehezana: mananga-tanana vao miteny, finday mangovitry, miteny mafy, mandray anjara avokoa ny rehetra, mifanaja amin'ny fanehoan-kevitra, mifehy fotoana
- ✓ Fotoana faharetan'ny dinidinika: 40min - 60min.
- ✓ Mangataka mpandray anjara iray hamaky ny Soratra Masina voafidy.
- ✓ Mamaky ireo fanontaniana rehetra ny mpitarika.
- ✓ Mitarika ny mpandray anjara amin'ny dinidinika:
 - Raisina tsirairay ny fanontaniana
 - Avela haneho hevitra malalaka amin'ireo fanontaniana tsirairay ny mpandray anjara
 - Fitarihana ny hevitra mivoaka hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana
 - Fandravonana ireo hevitra rehetra hifanaraka amin'ny fehin-kevitra ao amin'ny tari-dalana

- Fandraisana ireo hevitra vaovao manamafy ny fehin-kevitra
- ✓ Mangataka mpandray anjara roa farafahakeliny (lehilahy sy vehivavy) hizara ny hafatra nanamarika azy nandritry ny dinidinika
- ✓ Mamarana ny fotoana amin'ny vavaka ny mpitarika: mitondra am-bavaka mba ho tonga fiainana izay rehetra nodinihina, mitondra am-bavaka ny mpivady rehetra mba hiray saina ao ambany fitarihan'ny Fanahy Masina. Mivavaka manokana ho an'ny zanaka mba hiombon-tanjona sy fijery amin'ny ray aman-dreniny. Mivavaka ho an'ny ankohonana rehetra mba hanana fiainana mirindra, hahatonga taranaka vanona ho fampandrosoana ny fiarahamonina sy ny fiangonana ary ny firenena.

Fandinihana ara-baiboly

II Mpanjaka 4: 1 – 7

1 Ary nisy vehivavy anankiray, vadin'ny zanaky ny mpaminany, nitaraina tamin'i Elisa hoe: Maty ny vadiko mpanomponao; ary hianao mahalala fa natahotra an'i Jehovah ny mpanomponao; nefa tonga ny tompon-trosa haka ny zanako mirahalaha ho andevony.

2 Dia hoy Elisa taminy: Inona ary no hatako ho anao? Lazao amiko: inona avy no anananao ao an-trano? Fa hoy ravehivavy: Ny ankizivavinao tsy manana na inona na inona ao an-trano afa-tsy diloilo iray tavoara monja.

3 Ary hoy izy: Andeha mindram-bilany amin'ny namanao rehetra manodidina, dia vilany tsy misy zavatra, nefa aza atao vitsy.

4 Ary rehefa tafiditra hianao, dia aoka hirindrim-baravarana hianao sy izy mirahalaha zanakao, ary manidina amin'izany vilany rehetra izany, dia atokàny izay feno.

5 Dia niala teo aminy ravehivavy ka nirindrim-baravarana mbamin'izy mirahalaha zanany, ary izy mirahalaha nitondra ny vilany ho any aminy, fa reniny kosa nanidina ny diloilo.

6 Ary nony feno ny vilany, dia hoy izy tamin'ny zanany: Itondray vilany iray koa aho. Fa hoy ireo taminy: Tsy misy vilany intsony. Ary dia nitsahatra ny diloilo.

7 Dia avy ravehivavy ka nilaza tamin'ny lehilahin'Andriamanitra. Ary hoy kosa izy: Mandehana, amidio ny diloilo, ka anefao izay trosan'olona aminao, ary izay sisa dia hivelomanao sy ny zanakao.

- 1- Inona no hevitra ambaran'ity tantara ity?
 - 2- Iza avy ireo voaresaka ao?
 - 3- Inona avy ireo fanalahidin'ny fahombiazan'io ankohonana io?
 - 4- Inona ny vokatry ny fampiasana ireo fanalahidy ireo?
 - 5- Inona ny lesona voarainao avy amin'ny fiainan'io ankohonana io?
- 6-

Hevi-dehibe:

1-Ny hevitra ambaran'ny tantara

- Ankohonana matahotra an'I Jehovah, ankohonana manompo an'I Jehovah
- Ankohonana miray fo sy saina hanatanteraka zavatra iray ka tonga amin'ny tanjona

2-Ireo voaresaka ao dia Elisa, ilay ramatoa manano-tena sy ny zanany roa lahy, ny fiaraha-monina

3- Ireo fanalahidin'ny fahombiazan'io ankohonana io:

1- -Natahotra an'i Jehovah ilay vehivavy [Andininy 1b]

- Mahay mamantatra ny olana atrehin'ny ankohonany

-Nandray andraikitra amin'ny fiainan'ny ankohonany manoloana ny olana nitranga:

- niantoraka tamin'Andriamanitra avy hatrany,
- miresaka amin'ny mpanompon'Andriamanitra,
- nihaino sy nankato an'Andriamanitra,
- mahay mampandray anjara ny ankohonany [Genesisy 22:1-13],
- mahay mitantana: mamantatra ny enti-manana sy ny fanararaotra (opportunité) entina hamahana ny olana

-Mahay miara-miaina amin'ny fiaraha-monina izy [Asa. 10:2], [Genesisy 12:5]: tokony hahafehy ny ankohonana ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra eo anivon'ny fiarahamonina

4-Ny vokatry ny fampiasana ny fanalahidy dia:

- Voavaha ny olana: tsy lasa andevo ny zanany, afa-trosa.
- Manana antoka amin'ny ho avy (fivelomana).
- Voavaha ny olan'ny tompon-trosa (manodidina).

5-Ny lesona voaray:

- Rehefa tojo olana dia ny manatona an'Andriamanitra no vahaolana voalohany.
- Lehibe lavitra noho ny olana Jesosy.
- Ilaina ihany koa ny fanatonana mpanompon'Andriamanitra.

-Zava-dehibe ny fihainoana sy ny fampiharana ny torohevitra omen'ny mpanompon'Andriamanitra. Raha torohevitra biblika no ilaina dia manana mpanompon'Andriamanitra tandrify ny Fiangonana Loterana Malagasy. Raha torohevitra ara-pahasalamana kosa dia misy ihany koa ireo mpanompon'Andriamanitra, mpitsabo eo anivon'ny SALFA.

-Atrehina ny olana fa tsy andosirana.

-Firaisan-tsaina sy firaisan-kinan'izy telo mianaka no niantoka ny fahombiazana.

-Antoky ny fahombiazan'ny ankohonana ny fifampihainoana (zanaka manaiky ny tenin'ny ray aman-dreny)

-Ilaina ny fitokanana (andiny 4):

- Hisian'ny fanatrehan'Andriamanitra
- Fefy miaro hampitombo ny fifantohana, tsy handrenesana ny feo manakorontana avy any ivelany (fanakiviana) ka mety hanozongozona ny finoana ny Tenin'Andriamanitra

-Raha amin'ny lafiny fahasalamana dia toy izao ny hevitra azo tsoahina:

- Zava-dehibe ny fananan'ny ankohonana tanjona iray sy ny fiarahany mientana hahatratra izany tanjona izany: mila mametraka tanjona ny ankohonana
- Mila mandinika sy mamantatra ihany koa ny ankohonana ny fomba sy fitaovana rehetra ilaina ahatratarany izany tanjona izany

•Ny zanaka dia manana anjara asa lehibe amin'ny fahatrarana ny tanjona. Mba ahafahan'ny zanaka manampy ny Ray aman-dreny anefa dia mila zaza tomombana tsara: na ara-batana, na ara-tsaina, na ara-panahy. Mila fehezina (maitrisé) ny Ray aman-dreny tsara ny zanany. Ilaina araka izany ny mandrindra tsara ny isan'ny zanaka hahafahana mifehy azy ireo. Raha maro loatra ny zanaka dia ahiana tsy ho voafehin'ny rayamandreny ka hahatonga fiantraikany miiba ho an'ny ankohonana. Raha vitsy loatra ihany koa anefa na tsy misy dia ahina hisy fiantraikany amin'ny fahavokaran'ny ankohonana ka hahatonga fiantraikany miiba ihany koa. Ny fahaizana mandrindra ny isan'ny zanaka mifanaraka amin'izay tanjona tratarina amin'ny fiainana no antoka hahazoana fiainana miabo.

Tafiditra ao anatin'izany fandrindrana izany ny faniriana hanan'anaka na ny faniriana hanelanelana ny isan'ny zanaka ary ny faniriana hametra ny isan'ny zanaka

- Eto dia hita fa ny fanatonana mpanompon'Andriamanitra dia ilaina hahatrarana ny tanjona. Ny mpanompon'Andriamanitra afaka manampy ny Ray aman-dreny amin'izany fandrindrana ny fiainam-pianakaviana izany dia ireo mpiasan'ny fahasalamana amin'ny tobim-pitsaboana krsitiana (SALFA). Afaka manome torohevitra mifanaraka amin'izay SAFIDIn'ny mpivady izy ireo. Toroy hevitra ny mpivady Kristiana mba hanatona tobim-pahasalamana Kristiana hanampy azy amin'ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviany.

